

# ALAHADY 13 SEPT 2020

Ao amin'ny **Filipiana 2** ry havana, **Filipiana 2 :12-18** no hakantsika hafatra. Ny hafatra ho antsika Fiagonana anio maraina ry havana ô, dia ny hoe: « **Avelao Jesoa hanatanteraka anao** ». Raha teneniko amin'ny teny vary amin'anana ilay izy, fa sao dia tsy mazava ilay teny gasy, dia hoe: « **Avelao Jesoa hi-perfectionner anao** » na hoe « **Avelao Jesoa hitondra anao any amin'ny perfection** ». Ny mahatsara an lay hoe “Jesoa hi perfectionner anao” par rapport amin'ilay hoe “hitondra anao amin'ny perfection”, ilay perfection mantsy hoe tanjona fa ilay perfection : toetra ao anaty ao, vokatry'ilay asa fanovana, vokatr'ilay transformation ataon'i Jesoa ao aminao. **AVELAO JESOA HI-PERFECTIONNER ANAO** ry havana ô. **AVELAO JESOA HI-PERFECTIONNER ANAO.**

Samy maniry ho parfait isika, fa tsy ho tanteraka izany raha tsy avelanao hi-perfectionner, hanatanteraka anao Jesoa.

Ny **Fahamarinana 1** dia izao: **RAHA MAMELA AN'I JESOA HANATANTERAKA ANAO IANAO, RAHA MAMELA AN'I JESOA HI PERFECTIONNER ANAO IANAO: NY ZAVATRA ATAONAO VOALOHANY DIA NY MANAIKY, MANKATOA: OBÉISSANCE.**

Andeha vakantsika ny **12 sy 13** : « *Koa amin' izany, ry malalako, tahaka ny nanekenareo mandrakariva, tsy fony teo aminareo ihany aho, fa ankehitriny dia bebe kokoa aza raha tsy eo aho, miasà amin' ny tahotra sy ny hovitra hahatanteraka ny famonjena anareo. Fa Andriamanitra no miasa ao anatinareo na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony* ».

Ity Fiagonana tao Filipia ity, tsy Fiagonana parfait ity, tsy Fiagonana tanteraka ity. Fa hitan'i Paoly mihitsy hoe :hitako tao aminareo ange e, hoe nanaiky ianareo ; hitako tao aminareo izany fanekena izany, hitako tao aminareo izany obéissance izany. Ary izaho tsy eo ary, dia hoe vao maika koa ianareo nitombo amin'ny obéissance. Izay no mahafaly an'i

Paoly. Ary ny hendry ihany no anarina ry havana ô. Ary inoako fa hoe rehefa mijery antsika ny Tompo avy any an-danitra dia hoe : hitako ao aminareo ao Isotry Fitiavana ao, fa tena misy mihitsy zandrikeliko zanak'Andriamanitra tena hoe efa manaiky.

Zavatra sarotra amin'ny olona ry havana io manaiky io. Fa jereo ange ny fahadalan'ny olona tsy manaiky e : Jesoa io izao, manohatra ny tenany amin'ny dokotera : « Tsy ho avy hiantso ny marina Aho fa ny mpanota hibebaka », « tsy ny finaritra no mila mpanao fanafody fa ny marary », Izaho ilay dokotera ho avy hanasitrana ny mpanota amin'ny aretim-pahotana. Rehefa mankany amin'ny dokotera isika ry havana, inona ny zavatra mitranga ? Mankao amin'ilay dokotera isika an, manao diagnostic izy, iray izay ; dia vita ilay diagnostic dia miteny hoe izao izany no mahazo anao, mila mihinana fanafody ohatran'izao ianao, d tonga any an-trano isika avy any amin'ny pharmacie : mankatoa isika e, mankatoa isika ry havana ô. Tsy fahadalana be ve e, ny hoe mba nandany vola, tany am dokotera ihany, nandany vola nividy fanafody, dia hoe an an an za tsy hihinana! Ohatran'izay ny fahadalan'ny olona ry havana o. Ohatran'izay ny fahadalan'ny olona tsy mankatoa. Efa mba ampahafantarina ianao hoe : ny toetranao ange dia tsotra e, ary tokana ny toetranao : mpanota mila famonjena ianao ary ny ràn'i Jesoa no hoe afaka manasitrana anao amin'izany. Fa dia hoe omena teny ianao ampieritreretana anao, fa tsy raharahianao ilay teny.

Ny olona mamela an'i Jesoa hiasa ao aminy hanatanteraka azy : ny zavatra ataony dia hoe mankatoa ry havana ô. Tsy hiasa ao aminao Jesoa raha tsy mankato ianao. Dia ilay olona manaiky iny, dia iny indray an, tenenin'i Paoly eto hoe : eny ary, ianareo izay hoe efa manaiky tahaka ny olona efa voavonjy ; efa voavonjy isika an ; tamin'ny fotoana izay nandraisantsika an'i Jesoa ho Tompo sy Mpamony dia efa voavonjy. Dia hoy Paoly hoe : eny ary, nareo mampiseho hoe olona voavonjy ianareo ka mankato : « miasà amin'ny tahotra sy ny hovitra hahatanteraka ny famonjena anareo ». Efa voavonjy aho, fa tsy

miseho tanteraka ao amin'ny fiainako fa efa voavonjy aho ; tsy miseho. Jesoa ry havana namonjy ahy teo amin'ny hazo fijaliana ary ny finoako, ny fandraisako an'izany no manatanteraka ny famonjena. Fa ny responsabilité-ko dia hoe maneho fa efa olona voavonjy aho izany e. Raha maka sary isika, dia hoe : tenenina izao ilay olona hoe : « ianareo ireo ange efa nivady e, ianareo roa ireo efa mivady » ; izay izany ilay sary ; fa izao : rehefa miteny hoe « tanteraho ilay mariage », « an efa vita mariage ianareo, fa tantano io mariage io, kolokoloy ny fifankatiavana mba ho mariage mirindra, mba ho mariage mampivelatra » : izay ilay hoe tanteraho ny famonjena : tanteraho ilay mariage e, rehefa manambady ianareo.

Isika rehetra ireto, raha maka ohatra hafa, manana talenta, raha izay no ilazana azy, fanomezam-pahasoavana ; manana talenta. Raha manana talenta amin'ny musique ianao : tanteraho ilay talenta e, développé-o iny talenta iny. Izay ilay hoe : tanteraho ilay famonjena. Ary ahazoana manatanteraka ilay famonjena, dia hoe : miasà amin'ny tahotra sy ny hovitra e. Ataovy tanjona izany ry havana ô, ataovy tanjona izany, ny hoe ; hanatanteraka ny famonjeko. Ataovy tanjona izany. Ary jereo izay rehetra sakana ho amin'izany.

Inona moa ity resaka hoe tahotra sy hovitra ity ? Vitsy ry havana ny mino, mino ka miasa amin'ny tahotra sy ny hovitra. Ny mino, dia mino daholo tout le monde ; ny miasa, dia be dia be ihany no miasa. Fa ny miasa amin'ny tahotra sy ny hovitra : olona an-kavitsiana ry havana ô. Ianao izany an, fantatralo tsara fa mpanota, ianao izany, fantatralo tsara ny fahalemenao. Ka ianao izay hoe miasa amin'ny tahotra sy ny hovitra dia ohatran'ilay zaza, matahotra izy ao an-trano, mitandrina fatratra sao bedin'i Maman, sao bedin'i Papa. Izany ry havana ity. Miasa amin'ny tahotra sy ny hovitra aho sao mampalahelo ny Raiko any an-danitra ka tsy tanteraka ilay famonjena ahy, tsy tanteraka ilay perfection-ko izany e.

Dia tenenina ianao izany hoe « maneke », tenenina ianao izany hoe « miasà amin'ny tahotra sy ny hovitra hahatanteraka ny

famonjena ». Ny hoe manatanteraka ny famonjena anie dia hoe hanatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra e, amin'ny zavatra rehetra. Izay ilay izy. Dia fantatr'i Paoly tsara ny momba antsika ry havana, ary izany no itenenany ao amin'ny **and.13** hoe : Fa Andriamanitra anie no miasa ao aminareo e. Izay ilay tenenintsika hoe : **AVELAO IZY HANATANTERAKA ANAO. AVELAO IZY HIASA AO AMINAO.** Maneke fotsiny ianao e. Ary mananà toe-po hoe **matahotra sy mangovitra ry havana ô.** Dia Andriamanitra no hiasa ato anatiko. Inona hoy Paoly ? Na ny fikasana na ny fanaovana. Ilay asan'ny Fanahy Masina ao amintsika, Andriamanitra miasa amin'ny Fanahy Masina ; ilay asan'ny Fanahy Masina mamboly faniriana ao amiko hanao ny sitrapon'Andriamanitra : mamboly faniriana hoe tena tiako izany e, tena tiako ny hanao ny sitrapon'Andriamanitra. Ary ilay Fanahy Masina ihany ry havana no miasa ao amiko hahatanteraka. Ilay hoe Andriamanitra miasa, io, raha amin'ny teny frantsay izy, hoe : Andriamanitra no mi-énergiser, manome ahy énergie. Izay ilay teny grika : Andriamanitra mi-énergiser. Isika ety manana micro sans fil : izy io indraindray maty satria maty ilay pile ; fa Andriamanitra mi-énergiser antsika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, mamboly ao ilay faniriana hanao ny sitrapony. Dia misy olona ange izao e, miteny amin'i Pasitera izy : « izaho Pasitera hamonjy étude biblique amin'izay, izaho hamonjy cellule de prière amin'izany an ». Azo heverina ihany hoe ny Fanahy Masina no manao an'izay ; fa raha tena ny Fanahy Masina no manao an'izay an, dia tanteraka ilay izy, fa tsy tonga ao amin'i Pasitera, hoe : « izaho moa araka ny teniko tamin'i Pasitera, izao ange efa tena anona fa misy sakana foana ao am-piasana » sy ny karazany e. Tsy asan'ny Fanahy Masina mi-énergiser anao izany ry havana ô.

Izay izany ilay **Fahamarinana 1** hoe : **HO ANAO IZAY TE HAMELA AMIN'IZAY AN'I JESOA HI-PERFECTIONNER ANAO : EKEO TANTERAKA IZY, MIASA AMIN'NY TAHOSTRA SY NY HOVITRA DIA HI-ENERGISER ANAO IZY AMIN'NY FIKASANA, AMIN'NY FANIRIANA HANAO NY SITRAPON'ANDRIAMANITRA, AMIN'NY FANAOVANA NY**

SITRAPON'ANDRIAMANITRA. DIA TAHAKA NY AN'I JESOA RY HAVANA : HO LASA PASSION ANAO IZANY MANAO NY SITRAPON'ANDRIAMANITRA IZANY, FA NY PASSION ANAO TSY NY HANAO NY SITRAPONAO INTSONY.

Izay ny fahamarinana voalohany.

Ny Fahamarinana 2 ry havana : HO AN'NY OLONA IZAY HOE MAMELA AN'I JESOA HANATANTERAKA AZY, HI-PERFECTIONNER AZY, DIA HOE : ATAON'I JESOA FANAZAVANA IZY.

**And.14-15** : « *Ataovy ny zavatra rehetra amin' ny tsi-fimonomononana sy ny tsi-fisalasalana, mba ho tsy manan-tsiny sady tsy misy fitaka hianareo, dia zanak' Andriamanitra tsy manana adidy eo amin' ny firenena meloka sy maditra, izay isehoanareo tahaka ny fanazavana eo amin' izao tontolo izao* ».

**NY OLONA MAMELA AN'I JESOA HI-PERFECTIONNER AZY DIA ATAON'I JESOA FANAZAVANA.**

Hazavaina tsara ry havana, io hoe « fanazavana » io. Io « fanazavana » io tsy ilay labozia kely, io « fanazavana » io tsy lustre ohatran'izao. Io « fanazavana » io dia ilazana « kintana » na « star » moa izany. « Star », ilay vedette-na cinema ireny moa ny antsika ilay « star » ; fa hoe « kintana ». Fantatralo fa hoe maninona rehefa mahita ny kintana amin'ny lanitra ianao, hoe mahita an'ilay kintana ianao na dia any lavitra be ilay kintana : hita ilay kintana satria ngeza be ilay kintana ry havana ô, ngeza be ilay kintana. **Tian'Andriamanitra atao kintana ngeza be ianao.** Ary izany ianao e, « star » ianao e. Fa tsy ohatran'ireny vedette-na hira mananonanona ary, fa tena « kintana » ianao eo imason'Andriamanitra. Ary ilay « kintana » manazava an'ilay aizina. Izay ilay izy. Izao tontolo izao manko an, rakotry ny aizina ; rakotry ny aizina izao tontolo izao.

Inona ilay aizina mandrakotra an'izao tontolo izao ? Zavatra 2 ny aizina mandrakotra an'izao tontolo izao, hoe : firenena meloka sy maditra. Izay ilay aizina itoerantsika izany e. Ary tena hitanao mihitsy izany amin'izao fotoana izao : meloka sy

maditra.

- Ilay « meloka », ny teny grika an'io hoe : « skolias », nanome hoe « skoliose ». Hitanareo ilay lamosina hoe mivilana. Tsisy mandeha mahitsy mihitsy ny zavatra manodidina anao : mivilambilana hafahafa daholo. Ary miezaka mandinika ianao, ahoana moa ny fandehan'ity, mankaiza sy mankaiza ity. Mivilana ilay izy, meloka ilay izy. Vitsy anie izany olona mahitsy miresaka aminao izany e. Izay ilay zavatra. Ary amin'izao fotoana izao, tena hoe mbola tsy nisy ohatran'izao mihitsy rehefa mijery ny fiaraha-monina ianao. Izay ilay aizina mandrakotra an'izao tontolo izao hoy Paoly. « Meloka », ilay hoe « skolias » : « tordu » ; izay koa : « tordu ». Rare ny olona miresaka aminao ka tsy tordu ry havana ô. Rare izany.
- Dia ilay hoe « maditra » indray : « pervers », feno « perversion », feno habibiana ny zavatra hita. Jereo, mijery vaovao isika, hoe : novonoina tamin'ny fomba feno habibiana. Misy olona manana firaisansana ara-nofo feno habibiana etc... Izany ny aizina mandrakotra ny firenena izany, hoy ny Soratra Masina. Fa ianao, ao anatin'izany : ataoko fanazavana, ataoko kintana ianao, raha avelanao hi perfectionner anao Jesoa ry havana ô. Ataony kintana ianao. Tsy ianao no hanandra-tena ho kintana, tsy ianao no hietsiketsika ohatran'izao ka ho kintana. Fa Jesoa te hi-perfectionner anao, te hanao anao ho kintana e.

Nijery ny tantaran'ny maritiora isika, fa ireo maritiora ireo, nony nanomboka ny fanenjehana, nanomboka noràràna ny fivavahana kristiana ka tratra izy ; alohan'ny hamonoana ireo maritiora, hoy ny mpanoratra ny tantara, dia nogadraina tany amina trano-na manamboninahitra ireo, dia misy manamboninahitra vaky vava ny amin'ny finoany, ny amin'ny fahamarinan'ny fitondran-tenany. Vaky vava ry havana ô. Izay ilay maritiora kintana e, satria niasza tao aminy Jesoa

hanatanteraka azy. Ary izay nataon'i Jesoa tamin'ireo, ataony amintsika ry havana ô. Fa isika no tsy rototra amin'izany. Fa izao : miteny Paoly hoe : attention an, Jesoa te hanao anao ho kintana, fa misy zavatra 2 manimba an'iny fanazavana iny, eo amin'ny **and.14** : « *Ataovy ny zavatra rehetra amin' ny tsi-fimonomononana sy ny tsi-fisalasalana* ». Mety tokony ho kintana ianao, fa ireo zavatra 2 ireo tena manena be ilay fahazavanao.

- Ilay fimonomononana moa, izany ve mila hazavaina. Misy olona ry havana, n'inon'inona situation, na situation mahasosotra na situation mahafinaritra, mimonomonona foana izy, mimonomonona, tsy mba misy zavatra mahafaly azy mihitsy. Ary zavatra halan'Andriamanitra io fimonomononana io. Fantatraq moa fa hoe tamin'ilay 40 taona na ha tany an'efitra ny zanak'Isiraely, efa akaikin'ny Kanana ange ny zanak'Isiraely no niodinkodina 38 taona e. 38 taona niodinkodina teo, izay no nahafeno an'ilay 40 ; fa 38 taona nandrasan'Andriamanitra ho maty ireo lehilahy rehetra nimonomonona tamin'ny fitantanan'Andriamanitra azy. Tsy misangisangy amin'ny fimonomononana Andriamanitra ry havana ô, ary izany no mahatonga an'i Paoly hiteny hoe io fimonomononana io manena an'ilay fahazavana amin'ny maha-kintana e. Ary tsy ho parfait mihitsy ianao.
- « *Ataovy ny zavatra rehetra amin' ny tsi-fimonomononana sy ny tsi-fisalasalana* ». Ny tsi-fisalasalana. Ilay olona misalasala, ary izay ilay tena teny grika, hoe : « discuter ». Misy olona ry havana, mandre toriteny ohatran'izao izy, dia avy eo rehefa miresaka : mi-discuter : « ka izao ka », « eny e, izany ny tenin'i Pasitera aloa e ». Mi-discuter : ao an-trano, ao misokatra ny vavan'i Dada na vao misokatra ny vavan'i Neny, misy ny anankiray mi-discuter foana : discussion, dispute, tsisy farany. Ao amin'ny mpihevi-draharaha : toujours les mêmes, n'inon'inona sujet eo, tsy maintsy manangan-tanana, nefà mba zavatra efa mazava izao, etc...

Hoy Paoly hoe : **atsaharo ny fimonomononana, atsaharo io fiadin-kevitra lava io, atsaharo io fandaharana lava io e.** Tsy manena anao izany, fa au contraire, manandratra anao ho fanazavana ry havana ô.

Raha ny firariana ho antsika rehetra ry havana, dia mba hoe ho fanazavana isika manomboka ao amin'ny ankohonana, ho tena kintana ; ao anatin'ny fizahan-toetra, ao anatin'ny zava-mahirana, tsy isika indray no mpimonomonona na mpiombona amin'ny mpimonomonona na be fisalasalana, be fandaharana, be fiadin-kevitra ; fa tena ho kintana manazava, manoro lalana e. Ary arakaraky ny maha-maizina ny firenena, vao maika mampisongadina ilay fahazavana ry havana ô. Tsy mahakivy izany.

Ny **Fahamarinana 3** farany dia izao : **NY OLONA IZAY MAMELA AN'I KRISTY HANATANTERAKA AZY DIA MANAO FANATITRA SY FISORONANA NY FIAINANY.**

**And.17** : « *Eny, na dia haidina ho fanatitra aidina eo amin' ny fanatitra sy fisoronan' ny finoanareo aza aho, dia faly ka miara-mifaly aminareo rehetra* ». Ilay olona manaiky an'i Jesoa hiasa ao, dia manaiky hoe ataoko fanatitra ho anao ny fiainako, ary ataoko sorona ho anao ny fiainako. Manaiky ho fanatitra sy sorona.

- Io ange, tsy mora ange izany e : atao fanatitra ; izay mantsy ilay voambolana voalohany : atao fanatitra, atao sacrifice. Izay ilay izy : atao sacrifice. Atao sacrifice ho an'i Jesoa ny fiainanao ; efa hitantsika teto, atao sacrifice ho an'i Jesoa ny ainao, ilay âme, ny passion-nao rehetra. Atao sacrifice ho an'i Jesoa izay momba anao. Raha tsy ny Fanahy Masina no mi-énergiser anao, tsy haniry an'izany ianao. Ary raha tsy ny Fanahy Masina no mi-énergiser anao, tsy hahatanreraka an'izany ianao. Ary raha tsy ny Fanahy Masina no mi-énergiser anao, jamais ianao hi-plaire amin'Andriamanitra, jamais ianao hi-plaire

amin'Andriamanitra ry havana ô. Fa izay : afarana isika hoe : **ataovy fanatitra ny tenanao sy izay momba anao ary avelao Jesoa hanoro lalana anao hitarika anao ho amin'izany.**

- Dia hoy ny Soratra Masina hoe : « *Eny, na dia haidina ho fanatitra aidina eo amin' ny fanatitra sy fisoronan' ny finoanareo* ». Ilay resaka fisoronana indray an, manahirana moa ilay teny gasy, fa ilay fisoronana dia avy amin'ny teny grika hoe « leitourgia » izay nanome hoe « liturgie ». Raha vakiana izany dia hoe : fanatitra ilay voalohany, sy liturgie.

Ny fiainako izany : ataoko fanatitra, sacrifice, iray izay ; sy liturgie. Izany io. **Ataovy liturgie ny fiainanao.**

Ry zareo mpahay grika dia manazava fa hoe ilay « liturgie » resahina eto aloa, dia hoe asa fanompoana nataon'ny olona anankiray ho an'ny fanjakana. Amin'ny maha-olom-pirenena izany an, misy asa atao ho an'ny fanjakana, fanompoana ny fanjakana manomboka aty amin'ny madinika ka hatramin'ny filoham-pirenena. Isika mila mivavaka an, ho an'ny filoham-pirenena hajaina sy ny Pm ; mila mivavaka isika mba hoe : ianao ange napetrak'Andriamanitra eo, ianareo ireo, ireo minisitra rehetra e, tsy noho ny équilibre régional sy ny fahaizanareo, non ; fa eo ianareo, manao liturgie ho an'ity firenena ity. Rendez service à cet Etat, à ce pays. Izany ilay izy. Fa hanadinana anareo io fahefana izay nomen'ny Tompo anareo io rhaa tsy manao liturgie ianareo eo amin'izay toerana misy anareo.

Fa avy eo moa ilay liturgie dia noraisina hoe asa natao ho an'Andriamanitra. Mifandray ihany izany e, mifandray ihany izany, indrindra isika manana, be dia be ny mpitondra hoe kristiana. Enga anie ka haharitra izany fa tsy hahita an'izany isika, enga anie ny masontsika tsy hahita an'izany, na ny zafikelintsika, hoe maro an'isa ny slamo eo amin'ny fitondrana. Fa hoe : manao fanatitra ary Jesoa no hanampy anao amin'izany, amin'ilay sacrifice, averina indray, sy hanao ny

fiaínanao ho liturgie.

Faranana ry havana ô, izao teny izao : miteny Paoly hoe, **and.16** : « *mitana ny tenin' ny fiaínana, mba hisy ho reharehako amin' ny andron' i Kristy* ». Izao toriteny izao dia atao ho an'ny olona izay mahafantatra hoe hisy izany andron'i Kristy izany, hisy izany, izany no olona mihaino an'izao toriteny izao, izany hoe andro hiverenan'i Kristy izany, izany andro hitsarany antsika izany. Izany, izany ity toriteny ity. Ary dia tena hoe ny fahafantarana an'izany dia hoe manosika azy hamela an'i Jesoa hiasa mba ho tanteraka izy eto amin'ity tany ity. Ny tanteraka ange tsy misy, fa hoe an-dalam-pahatanterahana e. Fa rehefa tsy miroso amin'ny fahatanterahana ianao, malahelo aho miteny aminao, fa hihemotra ianao an. Tsy misy izany hoe stable izany : fa rehefa tsy mandroso any amin'ny fahatanterahana ianao, dia mankany amin'ny fihemorana ianao. Mamela an'i Kristy hiasa hanatantekana azy koa ho any amin'ny fiaínana mandrakizay.

Ary enga anie ry havana ny ankohonantsika rehetra ireto, ho sehatra ahazoana hoe mametraka tanjona : Dada, Neny, ny ankify, hoe hifanolotra ho tanteraka eo anatrehan'i Kristy rahatrizay tonga ny androny.

Ho aminareo ny fahasoavan'ny Tompo. Amena